
# Ilay Fototra Mahagagan'ny Finoantsika

Filoha Gordon B. Hinckley

*Ensign,* nôv. 2002, 80–81



Ambaranay tsy misy fihambahambana fa niseho tamin'ilay zazalahy Joseph Smith ny Ray any An-danitra sy ny Zanany, dia i Jesoa Kristy Tompo. . . .

. . . Miankina amin'ny fahamarinan'izany fahitana izany ny herintsika iray manontolo. Na nitranga izany na tsy nitranga. Raha tsy nitranga izany, dia fitaka ity asa ity. Raha nitranga izany, dia ity no asa manan-danja sy mahatalanjona indrindra ety ambanin'ny lanitra.

Saintsaino izany ry rahalahiko sy anabaviko. Nandritra ny taonjato maro dia mbola nikatona ny lanitra. Lehilahy sy vehivavy tsara, tsy vitsy—olona tena tsara sy mahafinaritra—no niezaka nanitsy sy nampatanjaka ary nanatsara ny fomba fivavahany sy ny votoatin'ny fotopampianarany. Manome haja sy voninahitra ho azy ireo aho. Akory ny hatsaran'izao tontolo izao noho ny asa feno fahasahiana izay nataon'izy ireo. Na dia inoako aza fa nentanim-panahy ny zavatra nataon'izy ireo, dia tsy nisokatra ny lanitra ary tsy niseho Andriamanitra mba hanamafy izany.

Fa avy eo dia tonga Ilay fisehoana be voninahitra tamin'ny taona 1820 ho valin'ny vavaka nataon'ny zatovolahy iray izay namaky ireo tenin'i Jakoba tao amin'ny Baibolin'ny fianakaviany manao hoe: "Ary raha misy ianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin' Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany" (Jakoba 1:5).

Eo amin'izany zava-nitranga tsy manam-paharoa sy mahatalanjona izany no ijoroan'ny fahamarinan'ny Fiangonana.

Tsy misy zavatra azo oharina amin'izany raha ny tantara arapivavahana rehetra izay voasoratra. Ny Testamenta Vaovao dia mitantara ny batisan'i Jesoa tamin'ny fotoana izay nandrenesana ny feon' Andriamanitra sy ny nidinan'ny Fanahy Masina tamin'ny endriky ny voromailala. Tao an-Tendrombohitry ny Fiovan-tarehy dia nahita ny Tompo niova tarehy teo anatrehan'izy ireo i Petera sy i Jakoba ary i Jaona. Nandre ny feon'ny Ray izy ireo, saingy tsy nahita Azy.

Nahoana ny Ray sy ny Zanaka no niseho tamin'ny zazalahy iray, ankizilahy tsotra? Voalohany aloha izy ireo dia tonga mba hampiditra ny fotoampitantanan'ny filazantsara lehibe indrindra amin'ny fotoana rehetra, izay hanangonana sy hampiarahana ireo fotoampitantanana teo aloha rehetra. . . .

Ny fitaovana nampiasaina ho amin'izany asa izany dia zazalahy iray izay mbola tsy fenon'ny filôzôfian'izao tontolo izao ny sainy. Saina izay mbola vaovao sady tsy nandalo fianarana araka ny fomba tamin'izany andro izany.

Mora ny mahita hoe nahoana no tsy manaiky ity tantara ity ny olona. Mila tsy ho takatry ny saina izany. Kanefa mitombina izany. Ireo izay efa zatra amin'ny Testamenta Taloha dia mahafantatra ny fisehoan'i Jehovah tamin'ireo mpaminany maro izay niaina tamin'izany fotoana azo lazaina fa tsotra izany. Afaka nandà tsotra izao ny ilàna ny fisehoan'ny Andriamanitry ny lanitra sy ny Zanany izay nitsangana tamin'ny maty ve izy ireo tamin'io vanim-potoana sarotra tamin'ny tantaran'izao tontolo izao io?

Fa tonga Izy Ireo, Izy roa, fa nahita Azy Ireo tamin'ny famirapiratan'ny voninahiny i Joseph, fa niresaka taminy Izy ireo ka henony sy nosoratany ny tenin'Izy ireo—momba ireo zavatra mahatalanjona ireo no ijoroanay ho vavolombelona.

Mahafantatra olona iray mihevi-tena ho manan-tsaina aho izay nilaza fa voafandriky ny tantarany ny Fiangonana. Ny valinteniko dia hoe raha tsy nisy izany tantara izany dia tsy nanana na inona na inona isika. Ny fahamarinana ao anatin'izany zava-nitranga tsy manam-paharoa sy manokana ary mahatalanjona izany no fototry ny finoantsika.

Saingy ity fahitana ity no nisantatra ny fitohizan'ny fisehoana maro izay tafiditra ao anatin'ny tantaran'ity asa ity tany amboalohany.

Ary tahaka ny hoe toa tsy ampy izany fahitana izany mba hanamarinana ny toetra sy ny maha-tena misy ny Mpanavotra ny olombelona ka nanaraka koa ny fivoahan'ny Bokin'i Môrmôna. Ity dia zavatra azon'ny olona iray hazonina amin'ny tanana sy azony "aingaina," tahaka ny tamin'ny taloha. Azony vakina izany. Azony atao ny mivavaka momba izany, satria misy fampanantenana ao anatiny fa ny Fanahy Masina no hanambara ny fahamarinan'izany raha toa ka nokatsahina tamim-bavaka izany fijoroana ho vavolombelona izany. . . .

Dia indro fa nanaraka koa ny famerenana tamin'ny laoniny ny fisoronana—voalohany, dia ny Fisoronana Aharôna tamin'ny alalan'ny tanan'i Jaona Mpanao Batisa, ilay nanao batisa an'i Jesoa tao Jordana.

Avy eo dia tonga i Petera sy i Jakoba ary i Jaona, Apôstôlin'ny Tompo, ka nanolotra ho amin'izao androntsika izao izay efa

© 2014 AN'NY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ZO REHETRA VOATOKANA.

noraisiny tamin'ny alalan'ny tanan'ny Mpampianatra izay niaraka tamin'izy ireo, dia "ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra," niaraka tamin'ny fahefana hamatotra any an-danitra izay nofatorany tety an-tany (jereo ny Matio 16:19).

Taorian'izay dia tonga ny fanomezana ireo fanalahidin'ny fisoronana fanampiny tamin'ny alalan'ny tanan'i Mosesy sy i Elia ary i Elià.

Eritrereto izany ry rahalahy sy anabavy. Eritrereto ny hatsaran'izany.

Ity no Fiangonan'i Jesoa Kristy naverina amin'ny laoniny. Isika vahoaka dia Olomasin'ny Andro Farany. Mijoro ho vavolombelona isika fa efa nisokatra ny lanitra, fa efa nisaraka ny lambam-baravarana, fa efa niteny Andriamanitra, ary fa efa nampiseho ny Tenany i Jesoa Kristy, narahin'ny fanomezana ny fahefan'Andriamanitra.